# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Oktobra 2020

**25** **Alahady**
oktobra

**Tsara Jehovah amin'izay manantena Azy, dia amin'ny olona izay mitady Azy.** Fitomaniana 3. 25

***(Jehovah)* Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra... Izay manarona famindrampo sy fiantrana anao.** Salamo 103. 3, 4

### Tena tsara Andriamanitra

*Tena tsara Ilay Andriamanitro, mikarakara ahy fatratra :*
*Andriamanitra mahatoky Izy, mamaly ny finoako.*
*Te hiaro ahy Izy, ao anatin'ny zava-manahirana ahy,*
*Ampy ho ahy ny mametraka aminy ny zavatra rehetra.*

*Velona mandrakizay Izy, Izay Andriamanitra Tsitoha,*
*Mahay manafaka any amin'ny toerana rehetra sy*
*amin'ny fotoana rehetra ;*
*Raha toa maizina, mampalahelo sy mahakivy*
*ny zavatra rehetra,*
*Dia fantatro fa Ilay Andriamanitro tsy hanadino ahy mihitsy.*

*Hanampy ahy Ilay Andriamanitro, hitantana ny diako,*
*Na amin'ny androm-pifaliana na amin'ny fotoanan'ny ady.*
*Tsia, tsy matahotra na inona na inona aho,*
*satria afaka miantehitra aminy,*
*Hotanterahiny avokoa izay rehetra nampanantenainy.*

*Fantatr'Andriamanitra tsara aoka izany*
*izay toa mavesatra amiko,*
*Izay mankarary sy manahirana ahy isanandro.*
*Fantany izay ilaiko, ny tahotro ny amin'ny ampitso,*
*Nanome toky Izy hoe : hizotra tsara ny zavatra rehetra, ho ahy.*

*Fihirana „Mankanesa atỳ amiko"*

„Aza matahotra ianao, fa momba anao Aho ; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao ; mampahery anao Aho sady mamonjy anao ; eny, mitantana anao ... Aho... Fa Izaho Jehovah Andriamanitrao no mitantana ny tànanao ankavanana" (Isaia 41. 10, 13).